


# ALAHADY FAHA 04 MANDAVANTAONA -B-2024



## « Fantatro raha lanao, dia ilay Masin'Andriamanitra » (Mk. 1: 24)

Ry Kristianina havana, mitohy ny fandalinam-pinoantsika amin'izao vaninandro mandavantaona izao hivelomantsika ny "départ vaovao" hirosoantsika tsikelikely mankany amin'ny Kongresy Eokaristika Nasiônal KEN 2024. Mahaiza àry isika manararaotra mandinika ny anjara toeran'ny Eokaristia amin'ny fainantsika ka ho tanteraka amin'izay ny teny faneva mba tsy ho slogan fotsiny : "FIHAVANANA MANASITRANA AN'IZAO TONTOLO IZAO... MPIRAY TAMPO IANAREO JIABY " .... Ka raha tohizantsika amin'ny tapany faha-3 ny Sinaodantsika faha-7 MIFAMPITSIMBINA MIFANASOA MIKAY NY SOA IOMBONANA satria EGLIZY OLO VELOMIN'NY BATEMY MIARA-DALANA MIOMBONA MANDRAY AN-TANANA KA ZARY MISIONERA TABERNAKLA VELONA.

Tamin'ny Alahady fahatelo lasa teo dia nohalalinintsika fa ny tarehy ratsy tsy azo ovana fa ny toetra ratsy azo ovana. Io fitondran-tenantsika ratsy io izany dia azontsika ovana raha mibebaka isika, io ilay lazaintsika "changement radical", fiovam-penitra mahery vaika. Tanteraka io "fiovam-penitra mahery vaika" io raha mitoetra ao amin'Andriamanitra isika,

raha mitoetra ao amin'i Jesoa ary i Jesoa mitoetra ao amintsika. Io mitoetra ao amin'I Jesoa no dingana voalohany amin'ny fainana eokaristika ary izany no antony anaovantsika "adoration" mba hitoetra ao amin'I Jesoa isika. Raha miova ho tsara ny fitondran-tenantsika dia miova ho tsara ny fifandraisantsika

amin'ny zava-boaary ka mivelona ny vôkasiontsika hatramin'ny voalohany isika izany hoe "mpiambina, mpikolokolo". Raha tanteraka io vôkasiontsika io dia hamokatra voa tsara isika ka ho feno hafaliana sy fiadanana. Manomboka eo anivon'ny fianakaviana, eglizy kely izany ezaka ataontsika izany, tarihin'ny Ray, Baba, izay tsy "sefo" mamoritra fa ray mpitarika amin'ny fifanasoavana sy fifampitsimbinana hahitan'ny tsirairay sy ny rehetra fivelarana, ilay

Vakiteny I : Det 18, 1 5-20

Tononkira : Salamo 94

Vakiteny II : 1 Kôr. 7, 32-35

Evanjely : Mk. 1, 21-28

fivelaran'ny mahaolona manontolo sy olon-drehetra. Manana môdely isika dia I Md Josefa ary eo koa I Lucien Botovasoa Olts.

Amin'izao Alahady tsotra faha-4 mandavantaona izao dia mametraka fanontaniana amintsika ireo vakiteny telo : "Iza marina i Kristy ary inona no anjara toeran'i Kristy izay eo amin'ny fiainantsika ?" Mitoetra ao amin'i Kristy tokoa ve isika ary i Kristy ve mitoetra ao amintsika? Izy ve no ifikirantsika ka hitondra antsika amin'ny tena famonjena sy hampamokatra ny fiainantsika dia hahazoantsika ny fiadanana sy hafaliana feno ? Ireo no fanontaniana tian'ny Eglisy hohalalinintsika amin'ny alalan'ireo vakiteny telo izay arosony amintsika amin'izao Alahady faha-4 mandavantaona izao. Miankina amin'ireo no safidy ahafahantsika miroso amin'ny "départ vaovao" imatematesantsika amin'izao taom-pikatrophe izao ka mitondra antsika amin'ny Kongresy Eokaristika.

Ny bokin'ny Deteronomy no mamaritra amintsika hoe : inona ny atao hoe mpaminany ? Inona no ilàna ny mpaminany eo amin'ny fiainantsika ? Ny Eglisy dia mpaminany ary araka ny famaritana eto ny mpaminany dia izay mahalala ny sitrak'Andriamanitra satria miombona amin'Andriamanitra izy, ny fiainany manontolo dia ao amin'Andriamanitra sy miaraka Aminy ary ao Aminy ka izany no ahafahany manambara ny sitrak'Andriamanitra. Ny Mpaminany dia olona mitoetra ao amin'Andriamanitra

Izany indrindra ry Kristianina havana no azo lazaina fa tsy misy amin'izao andro iainantsika izao ary tsy nisy koa tamin'izany fotoana izany ka nahatonga ny vahoaka nimonomonona tamin'Andriamanitra, tsy hoe tsy nanao ny asany i Moizy fa maro ny olana nisy tamin'izany fotoana izany ka tsy arany intsony ny niatrika azy. Mampahatsiahys izao andro misy antsika izao koa izany. Io no mahatonga antsika manao Sinaody ary miatrika izao Kongresy izao mba ho vavolobelona manambara ny sitrak'Andriamanitra ny fiainantsika, hanana fiainana eokaristika. Andriamanitra nilaza tamin'ny alalan'i Moizy hoe : "*"Hanangana Mpaminany anankiray tahaka ahy eo afovoanao, eo amin'ny iray firenena aminao, ny Tompo Andriamanitraise*". Ny mpaminany dia ilay mpitondra ny tenin'Andriamanitra, mampita ny hafany mba hanova ny fiainantsika ka hanana fitondran-tena araky ny lalan'Andriamanitra sy ny teniny ka amin'izay hirindra sy hilamina ny fiainantsika raha mihaino ny feony isika. Izany no Baba andrasana eo anivon'ny fiainan'ny fianakaviana. Araka ny voalazantsika matetika ny fianakaviana dia tsy ny ankohonana ao an-trano ihany fa fianakaviana izay ankohonampainana mampivondrona olona ka ny faratampony dia ny firenena. Mila Mpaminany mitarika azy ny fianakaviana. Mila Ray, Baba, mahafoy ho an'ny fianakaviany...

Aoka àry hanararaotra izao vanim-potoana izao isika handalina ny finoantsika izany hoe hihaino ny feon'Andriamanitra tahaka ny nataon'ireo vahoaka tamin'izany fotoana izany ka nahatsapa izy ireo fa tò teny eo amin'ny vahoaka i Jesoa. Ny mpaminany, ny Eglisy koa andrasantsika mba ho toraka izany, ho tò teny. Izany ihany koa no andrasana amintsika tsirairay avy ka hamokatra tahaka an'i Jesoa. Izany koa no andrasana amin'ny Ray ho tò teny amin'ny ankohonany, amin'ny fianakaviany.

Aza gaga isika fa misy ny tsy manao ny dingana hirosoana amin'ny lalindalina kokoa, maro ny nihaino sy natoky ny fampianarana nataon'i Jesoa fa misy amin'izy ireo tsy nanao ny dingana sy tsy nandray mba hanova fitondran-tena. Maro koa ireo mety mitory an'i Kristy nefá mety mivily lálana ihany koa. Ny zavatra tadiavina amintsika dia ny fibebahana ka hanao safidy matotra raha tsy izany resintsika ka ny lojikan'izao tontolo izao no manjaka. Aza gaga isika raha mifanapotika, raha rava ny fianakaviana maro. Henotsika tamin'ny Evanjely fa ny demony nanaiky an'i Jesoa ; "*mivoaha amin'io lehilahy io ianao*", nankato Azy ny fanahy maloto satria tena manana fahefana tokoa Izy. Tsy hoe amin'ny teniny ihany fa amin'ny ataony koa. Nanaiky Azy ny demony ka niala tamin'ilay olona. Taitra ny olona rehetra nahita izany satria na dia ny fanahy maloto aza niaiky azy.

Ny fianarana azontsika tsoahina amin'izao Alahady faha-4 amin'ny fandalinam-pinoana izao dia ilay ambaran'i Md Paoly hoe: "*raha miombona amin'ny Tompo tokoa isika dia hikatsaka mandrakariva ny momba azy*", izany hoe ny fainantsika manontolo dia fiahiana sy fiderana ny Tompo, hahatonga ny Tompo ho eo anivon'ny fainantsika mba hankalaza Azy isika sy ireo manodidina antsika satria izany no atao hoe mpaminany.

Manana modely isika, manana mpivavaka mitovy amin'izany mpaminany izany isika. Efa nolazantsika teo ambony fa manana modely isika dia I Lucien Botovasoa. Eo ihany koa I Victoire Rasoamanarivo. Samy Ray aman-dreny tò teny teo anivon'ny fiaraha-monina izy ireo Tena Mpaminany tokoa fa aoka ho tsapantsika fa na I Lucien na I Victoire dia tao amin'ny Eokaristia no nanovozan'izy ireo izany harena lehibe izany. Azontsika onogna tsara amin'izao ny anton'ny hanaovantsika ny Kongresy Eokaristika mba hanaovantsika ny expériencen'izy ireo. Tsy hiandry ny andro fankalazana isika fa izao vanim-potoana fiomanana izao no aoka hanao izay expérience izay isika. Hanararaotra ny fiofanana sy fandalinana maro isankarazanay araka ny sokajy misy antsika. Mila Mpaminany tahaka an'I Lucien tahaka an'I Victoire izao androntsika izao hanavotra ny tanindrazantsika. Lehilahy marina i Lucien, Vehivavy tsy misy olakolaka I Victoire. Matoa mahanttra ny firenena dia tsy misy olomarina, hoy ny eveka, amin'ny hafatra ataon'izy ireo matetika. Manana modely isika sady enga anie izy ireo hivavaka ho antsika amin'izao andro sarotra sy hanampy antsika amin'izao fiarahan-dia ataontsika mankany amin'ny Kongresy Eokaristika izao.

Aoka isika fianakaviana eglisy kely hiara-hivavaka handalina ny finoantsika hahatonga antsika hiahy mandrakariva ny momba ny Tompo mba ho masina isika araky ny voalazan'i Md Paoly. Masina isika raha eo anivontsika i Jesoa satria hangina ny ratsy. Handresy ny ratsy isika raha miombona amin'i Jesoa amin'izay ireo manodidina antsika dia hahatsapa fa i Kristy no tena fainana ary i Kristy no hahazoana hasambarana sy hafaliana.

Aoka hasehontsika amin'ny fainantsika fa niova isika amin'ny alalan'ny fambolena ny kolontsaina miezaka mikolokolo ny fifandraisana amin'ny lafiny rehetra ka hametraka tokoa ny fihavanana ilay soatoavina imatimatesantsika. Fihavanana sady kristianina no malagasy ka

NY FIHAVANANA NO HANASITRANA AN'IZAO TONTOLO IZAO ... MPIRAY TAMPO ANAREO JIABY..

Ry Jesoa Tompo ô, fahasoavana tokoa ny fihaonana Aminao sy ny fihainoana ny teninao. Fahasoavana ny mahalala Anao ary ny manaraka Anao no hasambarana satria mitoetra ao aminay lanao ary izahay ao Aminao ka amin'izay dia mamokatra tokoa ny fiainanay. Ampio izahay tsy hanompo zavatra hafa fa hanompo Anao ary hiahy Anao eo amin'ny fiainanay satria raha manao ny asan'Andriamanitra izahay dia manao ny asanao sy manatanteraka ny sitraponao ka ianao no hanatanteraka izay asa hahasoa anay. Ampio izahay mba hiroso amin'ny lalindalina kokoa hiaina ny finoanay ka na inon-kidona na inon-kihatra. Ampio ny Ray rehetra sy ireo Tompon'andraikitra mba haka tahaka an'I Md Josefa. Hirotsaka amin'ny fianakaviana eglizy kely ny fahasoavana ka zary ivon-toerana hitondra fivelarana tokoa ny fianakaviana rehetra.

Ry Kristy zokinay, efa nampahafantarinao anay tokoa ny halehiben'ny asa nanirahana Anao tety an-tany dia ny handresy ny ratsy izay mikiky anay toy ireo aretina manapotika anay. Koa mba ataovy tsapanay sy tsapan'olona mahita ny ataonay sy mandre ny teninay fa lanao no hany famonjena. Mba ho mpaminany manatanteraka ny sitrak'Andriamanitra tokoa izahay, manambara fa lanao no lèlana sy fahamarinana ary fiainana. Ry Jesoa Tompo ô, mitoera re eo afovoanay ka lanao no hampamokatra ny fiainanay, amin'izay na inona ataonay sy teninay dia mba ho fampitrahofana ny finoanay sy ny fiainanay andavanandro. Ry Masina Maria Renin'Andriamanitra Renin'ny Eglizy, Md Josefa Ray Mpitaiza an'I Jesoa Ray Mpiairon'ny Eglizy eran-tany mivavahà ho an'ny fianakaviana, mivavahà ho an'ny Ray rehetra mba hahatsapa tokoa ny vòkasion'izy ireo. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson